Teny rehetra teny

Ny kolontsaina dia ampy hampiavana ...

Sary : *Kamy sy Andrialahiana*

SAINTE-MARIE

Mampitambatra ny foko 18 ny « Festival des Baleines »

Maharitra sivy andro ny Festival des baleines andiany fahatelo, izay tanterahina ao Sainte-Marie. Ny 8 jolay ka hatramin'ny 16 jolay 2017 no fotoana hanatanterahana izany. Ny alahady 9 jolay teo no nanaovana ny lanonam-panokafana tamin'ny fomba ofisialy. Toy ny efa fanao isan-taona, taorian'ny kabary nifandimbiasana, dia nisy avy hatrany ny filaharambe na « *carnaval* » lehibe nandraisan'ny Fokontany 18 anjara. Naseho nandritra izany ireo fomba amam-panao an'ny foko 18 eto Madagasikara. Ho an'ny mpamonjy ny fetin'ny Zanaharibe na « *Festival des baleines* » dia io filaharambe no mitana ny laharana voalohany amin'ny seho manintona indrindra. Seho sady fifaninanana ny hetsika natao tamin'ity indray mitoraka ity, ka ny sabotsy 15 jolay izao ny lalao famaranana. Voafehin'ny Fokontany 18 misy any Sainte-marie ireo fomba amam-panao misy eto Madagasikara. Ny Nosy Boraha (Sainte-Marie) rahateo izay ahitana ny foko rehetra misy eto amintsika. « *Tsy manavakava-piaviana sy firazanana izahay eto Nosy Boraha satria Malagasy dia iray ihany* », hoy ny solontenan'ny Tangalamena ao an-toerana nandritra ny lanonam-panokafana.

Kamy

may tamin'ny fomba mampiahiahy ny fanamafisam-peon'ny tarika ROSSY